



NY MENARANA VARAHINA (le serpent d'airain)

I. NY BOKIN'NY NOMERY.

Ny bokin'ny Nomery dia mitantara, amin'ny fomba teolojika, ny 40 taona nivezivezen'ny Zanak'Isiraely tany an'efitra.

Ny Baiboly hebraïka rehefa nanome anarana ny boky tsirairay ao amin'ny Pentatioka (ny boky dimin'ny Lalàna) dia ireo teny voalohany ao amin'ny boky no nataony anarany:

- "TAMIN'NY VOALOHANY" no niantsoany ny bokin'ny Genesisy,
- "ARY IZAO NO ANARANA" no niantsoany ny bokin'ny Eksodosy,
- "ARY JEHOVAH NIANTSO" no niantsoany ny bokin'ny Levitikosy,
- "TANY AN'EFITRA" no niantsoany ny bokin'ny Nomery,
- "IZAO NO TENY" no niantsoany ny bokin'ny Deuteronomia.

Raha jerena tsara dia ity anarana nomen'ny Baiboly hebraïka ny bokin'ny Nomery ity hoe : "TANY AN'EFITRA" no mifanaraka kokoa amin'ny zavatra fonosin'ny boky, fa ny dikan-tenin'ny SEPTANTA moa no nanome ny anarana hoe Fanisàna na Nomery noho ireo fanisana roa sosona lehibe natao teo amin'ny Isiraélita.

Ny fanisana voalohany tamin'ny niandohan'ny diany, nentina nanisana ireo niala tany Egypta (Toko 1-4). Ny fanisana faharoa kosa dia ny fanisana ireo zanany, tany amin'ny fiarafaran'ny dia (Toko 26). Ny fanisana voalohany dia mampitodika amin'ny lasa, milaza fahafatesana, dia ny an'ireo vahoaka izay nikomy tamin'Andriamanitra isaky ny misy zava-tsarotra na fitsapana miseho, ka dia lany ritra tany an'efitra izy ireo. Ny fanisana faharoa kosa dia mampitodika amin'ny ho avy, ho amin'ny fiainana, amin'ny fandovàna ilay tany nampanantenaina (*terre promise*).

Ny bokin'ny Nomery dia nosoratana ho fampahatsiarovana sy hanovoan'ny taranaka Isiraélita rehetra aty aoriana fampianarana ara-pinoana eo amin'ny fiainany rehefa monina ao amin'ny tany nomena holovàny izy ; nefa koa dia ho hitantsika fa tena ilain'ny mino rehetra, na dia aty amin'ny Fanekena Vaovao aza izay voasoratra ao.

II. NY MENARANA VARAHINA (serpent d'airain)

Tsara ny mampahatsiaro ny zava-nitranga nialoha izao vanin-tantara (*épisode*) izao. Ao amin'ny toko faha-20 dia voatantara fa raha tokony hamakivaky hanitsy eo amin'ny tanin'ny Edoma ny Zanak'Isiraely mba tsy hanalavi-dalana, dia tsy navelan'ny tompon-tany izy.

Eto amin'ny toko faha-21 indray izy dia notafihin'ny Kananita ka tsy nahatohitra azy, fa lasan-ko babo aza ny sasany taminy. Dia nangataka tamin'Andriamanitra izy ireo ka nivoady fa raha atolotry ny Tompo eo an-tanany ity firenena ity dia hataony levona avokoa ny tanànany. Dia nihaino azy Andriamanitra ka nanolotra azy ny Kananita ary dia nolevoniny avokoa izy sy ny tanànany.

Dia niala teo amin'ny tendrombohitra Hora izy ireo ka voatery nihodidina ny tany Edoma, izany hoe hanalavi-dalana. Kivy àry ny fanahin'ny olona ka nimonomonona tamin'Andriamanitra sy Mosesy izy. “*Ary niteny nanome tsiny an' Andriamanitra sy Mosesy ny olona ka nanao hoe: Nahoana no nentinao niakatra avy tany Egipta izahay ho faty atỳ an-efitra? fa tsy misy mofo na rano atỳ; ary mahamonamonaina ny fanahinay itony mofomofa foana itony.*” (5)

“*Mahamonamonaina ny fanahinay itony mofomofa foana itony.*” : nankaleo, nahatofoka azy ireo ny mofo avy tamin'Andriamanitra dia ny mana izany.

Marihina fa tsy vao izay akory vao nampahitan'Andriamanitra sy Mosesy zava-mahagaga sy lehibe ireo vahoaka ireto, fa isaky ny zava-tsarotra miseho dia miditra an-tsehatra mamonjy azy ireo Andriamanitra.

Izany no nahatezitra indrindra an'Andriamanitra ka “*nampandehanany ny menaran' afo teny amin' ny olona, ka nanaikitra ny olona ireny; dia nahafatesana be ny olona Isiraely. Dia nankeo amin' i Mosesy ny olona ka nanao hoe: Efa nanota izahay, fa efa niteny nanome tsiny an' i Jehovah sy hianao. Ifony amin' i Jehovah izahay mba hanesorany ny menarana aminay. Dia nifona ho an' ny olona Mosesy. Ary hoy Jehovah taminy: Manaova menaran' afo, ka ahantòny amin' ny hazo lava, ary izay rehetra voakaikitra dia ho velona, raha mijery izany. Dia nanao menarana varahina Mosesy ka nanantona azy tamin' ny hazo lava; ary izay olona voakaikitra ny menarana ka nijery ilay menarana varahina dia velona.*”(6-9)

Ny menaran'afo sy ny menarana varahina.

Ny menarana dia manana ny tantarany sy ny heviny ao amin'ny Baiboly. Vao tany amin'ny Genesisy dia hitantsika fa tamin'ny alalan'ny menarana, izay biby fetsy indrindra, no nampidiran'ny Satana ny fahotana sy ny fahafatesana teo amin'ny olombelona. Biby manana toetra miambalambala (*ambigu*) izy. Sariohatra (*symbole*) sady maneho fiainana izy no maneho fahafatesana, sady sariohatry ny fahendrena izy no sariohatry ny fahafoanana (*chaos*) (cf. Mat.10 :16 : “*hendre tahaka ny menarana, ary morà tahaka ny voromailala.*”) Miara-monina ao amin'ny menarana ireo refy roa ireo ka hita izany ao amin'ny fahaizany mifoka ka maka hoditra vaovao toy ny mahazo aina vaovao indray. Biby monina any anaty tany (izany no maha-marô azy any an'efitra) ary voazona hihinam-bovoka izy (Gen.3 :14 : “*...amin' ny biby fionpy rehetra sy ny bibi-dia rehetra dia hianao no voazona: ny kibonao no handehananao, ary vovo-tany no hohaninao amin' ny andro rehetra hiainanao.*”). Mahatahotra izy ary ny kaikiny dia mahamay sady mahafaty. Ao amin'ny Baiboly, ny menarana dia mampiseho an'ilay mpaka fanahy dia ny devoly.

Rehefa manatrika na manoloana ny menarana ny olona dia ny mihemotra no fihetsiny voalohany, avy eo dia mandositra mba tsy ho voakaikitra, ary raha ilaina dia mitady lalana hisorohana ny vokatra ny kaikitra azo mba tsy ho faty. Saingy tsy lositra no nasaina nataony fa ny hijery fampisehoana an-tsary (*figuration ou présentation*), ka ilay mitondra fahafatesana ho azy mihitsy dia ny menaran'afo saingy natao tamin'ny varahina no nasaina nobanjiny. Mety ho sary na

endrika mampiseho fiainana na zavatra tsara mampitony ny fo sy ny fanahy no nandrasany, saingy tsy izany ; fa ny endrik' ilay fahavalo, ilay atahorana indrindra, ilay mitondra loza no vao mainka narangaranga ho hitany, ka natao terỳ antampon' ny hazolava,

- Mba ho hitan' ny rehetra (natao mazava : varahina)
- Mba ho lavitra azy (hisy elanelana eo aminy sy ny olona)
- Tsy mihetsika, tsy manan' aina, tsy afaka manaikitra (*inoffensif*)

Nasain' Andriamanitra nijery io izay rehetra voakaikitra dia sitrana.

Marihina fa voalohany, izay rehetra voakaikitra ihany no nasaina nijery io. Milaza fa izay nimonomonona ka nikomy tamin' Andriamanitra (nanota taminy) no vaokasika eto.

Faharoa, ny tsirairay voakaikitra no mijery ilay menarana varahina ka sitrana, fa tsy misy olon-kafa mijery eo amin' ny toerany akory.

Fahatelo, tsy ilay menarana varahina akory no nanasitrana na namelona ny olona nijery azy, fa ny fijereny azy araka ny baikon' Andriamanitra (*Dieu est l'initiateur et l'agent actif*) no nitondra fahasitranana sy famelomana.

Marihina fa nanjary nataon' ny Zanak' Isiraely sampy notompoina io menarana varahina io, ka dia nopotehin' i Hezekia Mpanjaka rehefa nanadio ny fombam-pivavahana izy (2Mpan.18 :4) Milaza izany fa tsy azon' ny Isiraelita akory ny tena antony nahasitrana azy, fa tsy ny herin' ny menarana varahina akory fa ny herin' Andriamanitra tao amin' ny teniny.

III. LESONA AZO RAISINA

1. Mora manadino ireto Zanak' Isiraely ireto.

Manadino ny teny fikasan' Andriamanitra (*promesses*) sy ny asany (*œuvres*) izy. Vao teo izy no nahita ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ny teniny sy ny asany tamin' ny nanolorany azy ny mpanjaka' i Arada (Kananita) sy ny tanànanany ka nahatonga azy ho Horma (*ruines*). Hatrany aloha izy no efa nahita ny nataon' Andriamanitra tamin' ny Egyptiana (loza folo) sy ny miaramilany (voatelin' ny ranomasina), ny nampitànany azy ny Ranomasina Mena, ny nanasitranany ny rano tao Mara, ny nanomezany azy rano tao Refidima izay natao hoe Masa sy Meriba, ny nanomezana azy ny mana sy ny papelika tao amin' ny efitra Sina, sns... Nefa raha vao misy olana na fahasarotana dia mitady hiverin-dalana sy mimonomonona.

2. Mora kivy ary tsy manana faharetana ny Zanak' Isiraely.

Kivy noho ny lalana izy. 430 taona izy no niaritry ny fanandevozan' ny Farao, izao anefa vao nasaina nihodina kely dia nikomy ; satriky hiverina hanohy ny 430 taona any Egypta indray.

Hira 233

1. O! Ray Malala, aseho

Ny hasoavanao;

Sasao ho afa-keloka

Izahay ho zanakao:

Ho mafy ny fiezakay

Handia ny lalanao,
Tsy hisy hijanonanay,
Raha tsy an-tranonao.

Lalana tsy mora satria lalana itaizàna ny finoana ny lalana itondran' Andriamanitra ny olony, ka mila fanoavana sy faharetana. Ny isa 40 dia tarehi-marika milaza fahamatorana, ka ny 40 taona tany an'efitra dia nikendry indrindra ny hanabeazana azy sy ny hahamatotra ny finoany an' Andriamanitra izay nifidy azy ho fireneny.

3. Be monomonona ny Zanak'Isiraely.

Tao Mara (Eks.15 :24-26) “ *Dia nimonomonona tamin' i Mosesy ny olona ka nanao hoe: Inona no hosotroinay? Ary dia nitaraina tamin' i Jehovah izy, ka dia nanehoan' i Jehovah hazo anankiray, ary rehefa natsipiny tao anatin' ny rano izany, dia tonga mamy ny rano. Tao no nanomezan' i Jehovah lalàna sy fitsipika ho azy, ary tao no nizahany toetra azy, ka hoy Izy: Raha hazoto hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasonry sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin' ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao.”*

Tao Sina (Eks.16) “ *Efa reko ny fimonomononan' ny Zanak' Isiraely, koa mitenena aminy hoe: Anio hariva dia hihinan-kena hianareo, ary rahampitso maraina kosa dia ho voky mofo hianareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo.”*

Tao Masa sy Meriba (Fakam-panahy sy ady) (Eks.17 :4-7)) “*Ary Mosesy nitaraina tamin' i Jehovah ka nanao hoe: Ahoana no hataoko amin' ireto olona ireto? fa mila hitora-bato ahy izy...Dia nampiboiboika rano avy tamin'ny vatolampy Andriamanitra. Ary ny anaran' izany tany izany dia nataony hoe Masa sy Meriba, noho ny ady nataon' ny Zanak' Isiraely, sy noho ny nakany fanahy an' i Jehovah hoe: Eto aminay va Jehovah, sa tsia?”*

Tao Tabera (fandoroana) sy Kibrota-Hatava (fasam-paniriana) (Nom.11) Nanao fitarainan-dratsy (fimonomonmana) tamin'ny Tompo izy dia nandefa afo mandoro Andriamanitra. Nitaraina i Mosesy ka dia maty ny afo. Ratsiana hena tao ny olona hafa firenena niaraka tamin'Isiraely ka dia mba nitomany niaraka taminy teo izy : “ *Tsaroanay ny hazandrano izay nohaninay, maimaim-poana tany Egypta mbamin' ny voatangy sy tongolo samy hafa karazana.*” (Nom.11 :5)

Tamin'ny lalana mankany amin'ny Ranomasina Mena (Nom.21) “*Nahoana no nentinao niakatra avy tany Egypta izahay ho faty atỳ an-efitra? fa tsy misy mofo na rano atỳ; ary mahamonamonaina ny fanahinay itony mofomofomfo foana itony.*” Tsy misy mofo tokoa ve ? Tena misy, saingy nahamonamonaina azy (*dégoûté*) ny mana (mofo avy amin'Andriamanitra nanjary mofomofomfo foana = *nourriture de misère* no niantsoany azy).

4. Tsy matoky ny fitondran'Andriamanitra ny Zanak'Isiraely.

Voalaza tetsy ambony fa ny menarana amin'ny maha-biby akaiky ny tany sy ny vovoka azy dia feno azy any an'efitra. Narovan' Anriamanitra tamin'ny menaran'afo ny Zanak'Isiraely nandritra ny famakivakiany ny tany efitra 40 taona, saingy tsy fantany, na ny marimarina kokoa tsy nampahafantaran'Andriamanitra azy mazava izany mba hatokiany azy. Hoy ny Deo.8 :15 : “*Tandrema fandrao hadinoinao Jehovah Andriamanitrao Izay nitondra anao tany amin' ny efitra lehibe sady mahatahotra, izay misy menaran' afo sy maingoka, dia ny tany mangentana tsy misy rano, ary nampivoaka rano ho anao avy tamin' ny vatolampy afovato, Izay nanome anao mana*

hohanina tany an-efitra, dia zavatra tsy fantatry ny razanao, mba hampanetry tena anao sy hizaha toetra anao ary hanisy soa anao any am-parany. ”

5. Mandalo amin’ny fibebahana ny fanasitranana sy ny famelomana.

Hatrany hatrany dia nifona ho an’ny Zanak’Isiraely i Mosesy rehefa niaiky ny fahadisoany ny vahoaka. Ary Andriamanitra dia nanaiky ny fiaikeny heloka sy ny fifoan’i Mosesy.

IV. NY MENARANA VARAHINA : TANDINDON’I KRISTY

I Jesosy Kristy mihitsy no nanambara sy nampiseho tamin’ny tenany ny fifandraisan’ny menarana varahina sy ny tenany : : *“Ary tahaka ny nanandratan’ i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratanana ny Zanak’ olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.* ” (Jao.3 :14-15)

Mifanahaka ny menarana varahina sy Jesosy Kristy

- Mampiseho ny menarana rehetra (*serpents*) ny menarana varahina, saingy tsy mahafaty intsony izy fa *inoffensif*.
- Nanam-pitoviana tamin’ny olona rehetra (Fil.2 :7) i Jesosy Kristy tety an-tany, saingy tsy nanota Izy. Nisolo ny olona rehetra Izy teo amin’ny hazofijaliana, nefa tsy nanana ota ; noho izany dia afaka manonona ny fitsaràna sy ny faharesen’ny ota Izy.
- Rehefa natao teo amin’ny talaky maso ho hitan’ny olona rehetra (*élevé*) ilay menarana varahina, tsy mihetsika ary tsy manaikitra, dia nabaribary ny ratsy sy ny ota ary ny fahafatesana (na ny loharanony), porofo fa efa resy izy ary tsy manam-pahefana (*impuissant*) handoro sy hamono izay voakaikitra intsony. Dia tahaka izany, izay rehetra mijery ny Tompo ka mino Azy dia tsy handairan’ny ozona sy ny fahafatesana faharoa intsony. Tsy maintsy misy ny menarana sy ny kaikitra fa izay mitoky amin’ny Tompo sy ny asany kosa dia voaro amin’ny asan’ireny.

Tsy mitovy ilay menarana varahina sy Jesosy Kristy. Raha tsy velona mihitsy ilay menarana varahina fa nitoetra ho varahina moana sy tsy manan-kery, fa ny olona voakaikitra ny menaran’afao ka nijery azy ihany no velona ; Kristy kosa dia nitsangana tamin’ny maty ka sady manome fiainana ho an’izay rehetra mijery azy ka mino Azy no manavao ny fiainany mba tsy handehanany tahaka ny teo aloha intsony (fiovam-piainana) : *“ Koa raha misy olona ao amin’ i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.”* (2Kor.5 :17)

Hoy ny Heb.3 :17-19 : *“Ary iza no nahatezitra Azy efa-polo taona? Tsy izay nanota va, ka dia niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny? Ary iza no nianianany fa tsy hiditra any amin’ ny fitsaharany, afa-tsy izay tsy nanaiky? Ka dia hitantsika fa tsy nahazo niditra izy ireo noho ny tsi-finoany.”*

Ny varahina sy ny fitsaràna.

Ny varahina ao amin’ny Soratra Masina dia sariohatra hanehoana ny fitsaràna. Ny tsy fihainoana sy tsy fanarahana ny tenin’Andriamanitra no nahatonga ny fahatezerany mirehitra. Ny fiverenana amin’ny tenin’Andriamanitra sy ny fifikirana aminy dia miaro amin’ny fisaràn’Andriamanitra. Ny

tsy mino dia efa voatsara sahadry, ary ny fiverenana amin'ny finoana ihany no manafaka amin'ny ozona sy ny fahafatesana mandrakizay.

Hoy ny Tompo : “ *Ary raha misy mandre ny teniko ka tsy mitandrana, Izaho tsy mitsara azy; fa tsy tonga hitsara izao tontolo izao Aho, fa hamonjy izao tontolo izao. Izay mandà Ahy ka tsy mandray ny teniko, dia manana izay mitsara azy: ny teny izay nolazaiko, izany ihany no hitsara azy amin'ny andro farany, ary fantatro fa fiainana mandrakizay ny didiny.* ” (Jao.12 :47-48,50a)

Ny fahasoavana

Io sarin'ny menaran'afo io no anisan'ny tena mampiseho ny fahasoavana.

Raha mamaky ny Gen.3 :15 isika voalaza ao ny ozona nahazo ny menarana sy ny olombelona :
“*Dia hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotro ny ombelohin-tongony.* ”

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia miharihary fa nisolo antsika sy nandray ny ozona nolovantsika tamin'i Adama teo amin'ny tenany i Jesosy Kristy. Notorotoin'i Satana tokoa ny ombelohin-tongotr'i Jesosy tamin'Izy nohomboana sy maty teo amin'ny hazofijaliana. Fa teo ihany koa no nanorotoin'Andriamanitra ny lohan'ny menarana (Satana) ka nandravàny ny herin'ny ota sy ny fahafatesana. Ny asan'ny hazofijaliana dia tsy ny hiampanga antsika fa ny hamonjy antsika. Fa ho an'izay mandà tsy hijery ny hazofijalian'i Kristy kosa dia mihatra aminy ary mihatra aminy hatramin'ny farany ny vokatry ny asan'i Satana (fahafatesana). Jesosy Kristy no nanorotro ny herin'i Satana teo amin'ny toerantsika, ny anjarantsika dia ny mino sy mandray ary mivelona izany : manameloka ny ratsy sy ny fahotana, ary mandeha amin'ny fiainam-baovao.

Koa izay mijery Azy (mino ny asany sy ny heriny) eo amin'ny hazofijaliana dia sady tsy voaheloka intsony no mandresy ny ota sy ny herin'ny ratsy eo amin'ny fiainana :

“ *Inona ary no holazaintsika? Mbola hitoetra amin'ny ota ihany va isika hitomboan'ny fahasoavana? Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao. Fa raha nampiraisina taminy tamin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin'ny fitsanganany; fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony. Fa izay efa maty dia afaka amin'ny ota Ary raha niara-maty tamin'i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona aminy koa isika; ary fantatsika fa rehefa nitsangana tamin'ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy; tsy manan-kery aminy intsony ny fahafatesana. Fa ny amin'ny nahafatesany, dia maty ny amin'ny ota indray mandeha Izy; fa ny amin'ny ahavelomany kosa, dia velona ho an'Andriamanitra Izy. Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy. Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany; ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra. Fa ny ota*

tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin' ny lalàna hianareo, fa ambanin' ny fahasoavana.
” (Rom.6 :1-14)

Hoy ny Efes.2 :4-5, 8-9 : “ *Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin' ny famindrampo, noho ny halehiben' ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia fony mbola matin' ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin' i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo) ; fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra; tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha.*” Tsy ny fanaovana zavatra maro avy amin'ny fisainana na ny fahaizana na ny herin'ny olombelona (asa), tahaka ny hoe mandositra na maka ody poizina eto, no handraisana ny famonjena fa ny fijerena fotsiny an'i Kristy nihombo teo amin'ny hazofijaliana (mijery amin'ny finoana).

Efa hatrany amin'ny Testamenta Taloha ny nahitana sy nampandrenesana io antsom-pamonjena io. “*Mijere Ahy, dia ho voavonjy hianareo, ry vazan-tany rehetra! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa.*” (Isa.45 :22) “*Ary haidiko amin' ny taranak' i Davida sy amin' ny mponina any Jerosalema ny fanahin' ny fahasoavana sy ny fifonana, ka hijery Ahy Izay nolefoniny izy, ary hisaona Azy toy ny fisaonana zanakalahy tokana izy sady halahelo Azy toy ny fahalalhelovan' ny olona ny lahimateany.*” (Zak.12 :10)

Ary ao amin'ny Testamenta Vaovao dia Jesosy mihitsy no niteny azy : “ *Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.*” (Jao.3 :14-15) “*Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray.*” (Jao.11 :25)

V. FAMARANANA

Anatra ho antsika ny nanjo ny Zanak'Isiraely tany an'efitra.

“ *Koa amin' izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin' ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin' ny faharetana amin' izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao, mijery an' i Jesosy, Tompon' ny finoantsika sy Mpanefa azy, Izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy.*” (Heb.12 :1-2)

Ny kaikitry ny menaran'afô no nahatsapàn'ny Zanak'Isiraely sy niaikeny ny fahotany. Ny hazofijalian' i Kristy dia mampahita antsika ny nandraisany sy nitondrany teo amin'ny tenany ny fahafatesana nateraky ny kaikitry ny menarana ela dia Satana sy ny devoly. Koa nitsangana tamin'ny maty izy mba hanangana izay rehetra matin'ny menaran'afô. Ny tantaran'ny menaran'afô sy ny menarana varahina dia natao hampahatsiaro sy anatra ho antsika :

Hoy i Paoly ao amin'ny 1Kor.10 :1-11 : “ *Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ny razantsika rehetra dia tambanin' ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina, ary izy rehetra dia natao batisa ho amin' i Mosesy tao amin' ny rahona sy ny ranomasina, ary izy rehetra nihinana ny fihinam-panahy iray ihany, ary izy rehetra nisotro ny fisotrom-panahy iray ihany; fa*

nisotro tamin' ny vatolampy fanahy izay nanaraka azy izy, ary Kristy izany vatolampy izany. Nefa ny ankabiazany dia tsy sitrak' Andriamanitra, fa naringana tany an-efitra. Ary izany zavatra izany dia tonga anatra ho antsika, mba tsy ho mpila zava-dratsy isika toy ny nilan' ireny. Ary aoka tsy ho mpanompo sampy hianareo tahaka ny sasany tamin' ireny, araka ny voasoratra hoe: Ny olona nipetraka hihinana sy hisotro, dia nitsangana hilalao [Eks. 32. 6]. Ary aoka tsy hijangajanga isika tahaka ny sasany tamin' ireny, ka telo arivo amby roa alina no ringana indray andro. Ary aoka tsy haka fanahy ny Tompo isika, tahaka ny nakan' ny sasany tamin' ireny fanahy Azy, ka matin' ny menarana ireny. Ary aoka tsy himonomonona hianareo tahaka ny sasany tamin' ireny, izay matin' ny mpandringana. Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra, sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan' ny faran' izao tontolo izao.”

Ny menarana varahina dia sady manondro ny fahafatesana no manondro ny fiainana. Toy izany koa **ny hazofijalian'i Kristy dia sady henatra ho antsika no reharethantsika**. Manondro ny fahotantsika izy ary manasa antsika hiaiky heloka. Manondro ny fahasovan'Andriamanitra amintsika izy ka manasa antsika hitodika amin'ny Tompo izay efa nasandratra eo ankavanan'Andriamanitra Ray ary mifona ho antsika, mba handehanantsika amin'ny finoana azy, amin'ny fanarahana ny teniny ary amin'ny fiainam-baovao, miady amin'ny ratsy sy mandresy ny herin'ny ota sy ny fahafatesana.

“Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika.” (2Kor.5 :21)

Koa aza miezaka manadio tena (manamarin-tena), na manadio ny ivohon'ny kapoaka (manaraka fombafomba ivelany, mitoky amin'ny herin'ny tena sy ny fahaizan'olombelona) fa Kristy Izay tsy nahalala ota dia efa nataon'Andriamanitra ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika. Ny fahamarinana noraisintsika dia tsy avy amin'ny fahamarinantsika na ny fahamendrehantsika akory fa nomena maimaim-poana (*par grâce*) tamin'ny niekentsika fa mpanota isika. Fa ny fahamarinan'Andriamanitra koa dia ny nanamarinan'Andriamanitra antsika maimaim-poana tao amin'ny Zanany, mba handehanantsika kosa amin'ny fahamarinany ka ho vavolombelon'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty amin'ny fandehanantsika araka ny sitrapon'Andriamanitra ka hatokiantsika azy (mino = matoky) sy hanarahantsika ny teniny.

Henatra mandrakizay ho an'izay mitoetra ao amin'ny ota ny hazofijaliana, fa reharena kosa ho an'izay mibebaka ka mandray maimaim-poana ny famelan-keloka sy ny herin'ny Fanahy Masina ka manaiky handeha amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra eo amin'ny fiainany isan'andro. Io no fahamarinana ambaran'ny Batisa sy iveloman'ny mpino isan'andro amin'ny fahamasinana ka itomboany amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra sy Jesosy Kristy Zanany izay Mpamonjy antsika.

Hoy indrindra i Paoly Apostoly : “ *Fa ninia tsy hahafantatra zavatra hafa teo aminareo aho, afa-tsy Jesosy Kristy, indrindra fa Izy voahombo tamin' ny hazo fijaliana.*” (1Kor.2 :2), ary hoy ny FF29 : “*Tsy mba hisy reharethako toy ny hazo nijalianao Jeso eo amin'izay rehetra alehako.*”

Elysée ANDRIAMIANDRA, Mpitandrina
23 Novambra 2016